Fandraisana sy fiantsoana

Hira: FFPM 351 6 "**Tsy hangina re ny hoby noho hianao ry Ziona**"

1. Tsy hangina re ny hoby
noho hianao ry Ziona;
Fa miposaka aminao ny
fahazavana soa;
Ny fanilom-pamonjena,
indro fa torina
Hanazava ny olona tokoa,

2. Voninahi'panjakana
isaloranao,
Sy anaram-baovao no
iantsoana anao;
Fampakaram-bady,
fety, anaingàna anao,
Mba ho an'i Kristy, Ilay
Tomponao.
Mivoaha, asandrato,
sns…

Fiv : Mivoaha, asandrato, ny
fanevasoanareo
Tsenao re ny mpanjaka fa
avy aminao
Ny famonjeny sy ny lova izay
atolony anao
Satria hianao dia tsy foiny.

3. O! Ry mpiambina
tinendry eo ambony
manda,
Aza avelanao hangina
re ny feonao;
Ka hijoro izao ny mino
fa tsy hisy banga
Eo an-tobin'i Jeso
Tomponao.
Mivoaha, asandrato,
sns…

Vavaka fiderana
Fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra
Hira: FFPM 181/1-3 "**Fanahy Mpanazava**"

1. Fanahy panazava,
Ny foko hazavao,
Maniry lalandava
Ny Pentekositrao.
Ny aizina ao am-poko,
Fongàny re ho lao;
Ny foko mitoloko,
Maniry indrindra Anao.

2. Fanahy Mpanadio,
Ny foko mba sasao,
Diovy re anio
Ho ena lapanao;
Ny hevitra misoko
'Zay te-handroaka Anao,
Dia ota te-hijoko,
Esory sy fafao.

3. Fanahy, Mampahery
'Zay reraka sy voa,
Ny foko re dia tery
Hianotoraka Aminao,
Izay mandrebireby,
Roahy re izao,
Ny fo mitebiteby,
Hiondana Aminao. Amena.

Vavaka fifonana
Hira: FFPM 232 "**Ny alahady andronao**"

1. Ny alahady andronao,
Jesosy Tompo Masina ô!
Fotoana nitsangananao
Ka maminay mpianatrao.

2. Anio, mivory izahay,
Tahaka ireo mpianatrao;
Ka enga anie ho hitanay
Ny hazavan'ny tavanao.

3. Omeo anay, omeo indray
Ny herin'ny Fanahinao;
Havaozy ao anatinay
'Lay Pentekosta fahizay.

Famelan-keloka atolotr'Andriamanitra
Hira: FFPM 170 " **Mamy ny fitianao**"

1. Mamy ny fitianao,
Ry Jehovah Tomponay!
Foinao ny Zanakao,
Ho Mpanavotra anay.
Tsy mba misy tokinay
Afatsy ny Zanakao.
Ka misaotra Anao izahay
Noho ny fitianao.

2. Mamy ny fitianao,
Mahafaly fo tokoa;
Izahay avelanao
Mba hibebaka avokoa.
Lasa lavitra izahay,
Nefa notadiavinao;
Efa ratsy izahay,
Nefa tsy nafoinao.

Fanekem-pinoana
Mino an' Andriamanitra Ray Tsitoha. Mpanao ny lanitra sy ny tany aho. Ary mino an' i Jesoa Kristy Zananilahy Tokana Tompontsika, Izay notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina, Naterak' I Maria Virjina, Nijaly raha nanapaka Pontio Pilato, Nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, Maty ka nalevina, Nidina tany amin'ny fiainan-tsi-hita, Nitsangana tamin'ny maty Tamin'ny andro fahatelo, Niakatra ho any an-danitra, Mipetraka eo ankavanan'Andriamanitra Ray Tsitoha, avy any no hiaviny Hitsara ny velona sy ny maty.
Mino ny Fanahy Masina aho, Ny Fiangonana masina manerana izao tontolo Izao, ny fiombonan'ny olona masina, Ny famelan-keloka, Ny fitanganan'ny tena amin'ny maty, Ary ny fiainana mandrakizay. Amena.

Tenin'Andriamanitra
Testamenta Taloha:
Jeremia 31: 31-36
31 Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hanaovako fanekena vaovao amin' ny taranak' Isiraely sy ny taranak' i Joda,**32** Nefa tsy araka ny fanekena nataoko tamin' ny razany tamin' ny andro nitantanako azy nitondra azy nivoaka avy tany amin' ny tany Egypta; Fa izy ireny dia nivadika ny fanekeko, Nefa Izaho no vadiny [Na: tompony] , hoy Jehovah.**33** Fa izao no fanekena hataoko amin' ny taranak' Isiraely, Rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: Dia hataoko ao an-tsainy ny lalàko Sady hosoratako ao am-pony; Ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko.**34** Ary samy tsy

hampianatra ny namany sy ny rahalahiny avy intsony izy hoe: Mahalalà an' i Jehovah; Fa samy hahalala Ahy avokoa izy rehetra. Hatramin' ny kely indrindra ka hatramin' ny lehibe indrindra, hoy Jehovah; Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany.35 Izao no lazain' i Jehovah, Izay manome ny masoandro ho fahazavana amin' ny antoandro ary ny filahatry ny volana sy ny kintana ho fahazavana amin' ny alina, Izay mampanonja ny ranomasina, ka dia mirohondrohona ny onjany, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany:36 Raha miova eo anoloako izany filahatra izany, hoy Jehovah, dia hitsahatra tsy ho firenena eo anatrehako mandrakizay kosa ny taranak' Isiraely.

Epistily: I Jao. 4:9-15

9 Izao no nanehoana ny fitiavan' Andriamanitra antsika: Andriamanitra naniraka ny Zanani-lahy Tokana tamin' izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin' ny alalany.10 Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an' Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra [Na: fanatitra fampiononam-pahatezerana; izahao ii. 2] noho ny fahotantsika.11 Ry malala, raha izany no nitiavan' Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika.12 Tsy mbola nisy olona nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana. Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany [Na: ny fitiavana Azy] .13 Izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny.14 Ary izahay efa nahita ka manambara fa ny Ray efa naniraka ny Zanaka ho Mpamonjy izao tontolo izao.15 Na iza na iza manaiky fa Zanak' Andriamanitra Jesosy, dia mitoetra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin' Andriamanitra.

Testamenta Vaovao: Jao. 3:16-21

16 Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.17 Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao hanameloka [Gr. hitsara] izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao.18 Izay mino Azy dia tsy helohina [Gr. tsaraina] ; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka [Gr. voatsara] rahateo, satria tsy nino ny anaran' ny Zanaka-lahy Tokan' Andriamanitra izy.19 Ary izao no fanamelohana [Gr. voatsara] , fa tonga amin' izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon' ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany.20 Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany.21 Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin' Andriamanitra izany.

Hira: FFPM 177 "**Ry Fanahy Mpanazava mitariha anay izao**"

1. Ry Fanahy Mpanazava,
Mitariha anay izao.
Hianaranay ny teny
Zay nampanoratinao;
:.: Dia hifaly.
Izahay tarihinao:.:

2. Ry Fanahy Mpanazava!
Maminay ny anatrao.
Fa matanjaka sy hendry
'Zay ampianarinao;
:,: Hatanjaho
Izahay mpianatrao :,:

3. Ry Fanahy Mpanazava!
Aoka tsy hangia anay
Ny angano sy tantara
'Zay hamily dia anay!
:,: Mba sakano
Tsy handavanay Anao :.:

4. Ry Fanahy Mpanazava!
Ny Baiboly taminao
Dia fanilo sady toky
Hanantonanay Anao
:,: Mba tsilovy
'Zay miankina aminao :,:

Toriteny 1 Korintiana 3:8-11

8 Ary iray ihany ny mpamboly sy ny mpandena; nefa samy handray izay valim-pitiany avy araka ny fisasarany izy.9 Fa mpiara-miasa amin' Andriamanitra izahay; ary sahan' Andriamanitra sy trano arafitr' Andriamanitra hianareo.10 Araka ny fahasoavan' Andriamanitra nomena ahy, tahaka ny fanaon' ny mpità-marika mahay no nanaovako ny fanorenana, ary ny hafa mandrafitra eo amboniny; nefa aoka ny olona rehetra hitandrina izay arafiny eo amboniny.11 Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy.

Hira: Chorale « **Efa voadinikao Andriamanitra ô**

1. Efa voadinikao Andriamanitra ô!
Ny fiainanay zanak'olombelona
Tsy misy 'zay miafina amiko tsy hitanao
Ianao no manendry izany Andriamanitra ô!

2. Indro ny fikasako voalahatrao
Ny fiainako rehetra dia Aminao
Ny fahotana vitako taminao
Mangataka famelana Andriamanitra ô!

3. Aza avela aho hangaihay
Fa ampioreno mafy ny finoako
Ka na mamely ahy ny fakam-panahy
Dia mahatoky Anao ny fanahiko.

4. Ny nofoko anie malemy no sady kely
Torovana tsy ampy hery ka manahy
Meteza Ianao anio Andriamanitra o!
Ho hery sy toky ho ahy mandrakizay.

5. Ianao no vatolampy sy fiarovako
Ny herinao no indro hizorako
Ny foko ao anatiko ao efa fantatrao
Dia raiso aho ho zanakao Andriamanitra ô!

Ranom-bavaka

Fandraisana ny fanasan'ny Tompo
Hira: FFPM 170 " **Ny ran'ny Zanakondry latsaka**"

1. Ny ran'ny Zanakondry latsaka
Namelona ahy tany Golgota,
Ka io no tena vato fantsika
Maharitra ny tafio-drivotra.

2. Raha vaoratra noho ny otako,
Ka lany foana ny heriko
Ny rany masina nalatsaka
No nahitako fahasitranana.

3. Izao hira vao izao no mamiko,
Ka tonga tsy misaraka amiko:
Ny ran'ny Zanakondry no mahay
Manavotra ahy mba ho an'ny Ray.

4. Raha ketraka sy kivy re ny fo,
Velomiko indray ny hirako
Ny amin'i Jesosy sy ny ra
Ka afaka ery ny tahotra.

Hira: FFPM 109 " **Nahafoy ny aiko Aho**"

1. Nahafoy ny aiko Aho
Hanavotako anao.
Ka nalatsako ny rako,
Nisoloako anao.
He! ny aiko no nomeko
Ry mpanota very e!
Aiza izay afoinao re
Mba ho Ahy Tomponao?

2. Lapan-dRaiko ao ambony,
Voninahi-dehibe,
No nilaozako hamonjy
Sy hanafa-doza anao,
'Zay voafitaky satana
Sy nozoin-doza be;
Aiza izay afoinao re
Mba ho Ahy Tomponao?

3. Soa be sy mahagaga
No natolotro anao,
Famonjena tsy vidina,
Famelana ny otanao,
Fitiavan-tsy voafetra,
Lova ao an-danitra ao;
Aiza izay afoinao re
Mba ho Ahy Tomponao?

4. Indro Tompo! Fa omeko
Ho Anao ny tenako,
Ka tsy misy izay tsy foiko
'zay rehetra tianao;
Eso, latsa, tsy ahoako,
Fa ny ho mpanomponao
No ho zavatra kendreko,
Raiso re ny zanakao.

Vavaka fisaorana

Filazan-draharaha
Rakitra
Hira: FIFOHAZANA 40 "Ry Fanahy Masina ao ambony"
1 Ry Fanahy Masina ao ambony
Irak'i Jesosy Tompo,
Izahay aty dia mila vonjy,
Hafanao, hatanjaho!

2 Ry Fanahy Masin-janahary,
Hazavao re ny sainay,
He! ny fonay osa, sy marary
Mba sitrano handresenay.

3 O! ry afo Masin'i Jesosy
'Zay irin'ny firenena,
lasanao koa re 'ty Nosy,
Mba handray ny famonjena.

Fiv Ry Fanahy Masina ô! midina
Hanafana, hampahery
Fa ny fo lazolazoam-pahotana
O! vonjeo, sao very

Fanolorana Rakitra: "Ry Tompon'ny harena"
Vavaka
Hira: FIFOHAZANA 42 "Ny Baiboly re dia zava-tsoa tokoa"
1 Ny Baiboly re dia zava-tsoa tokoa
Zava-maminay fa nahitanay soa
Ka derao àry sy ataovy an-kira hoe
Ny Baiboly re dia zava-tsoa tokoa
Ny Baiboly no nampiray
Ny fon'ny maro
Mba ho tonga iray.

2 Jereo kely ange itony soa be
'Zay manerana ity Nosy makadiribe,
Ka derao àry sy ataovy an-kira hoe:
Ny Baiboly re dia zava-tsoa tokoa:
Ny Baiboly no mampisava
Ny aizim-be

Fiv Ny Baiboly re dia zava-tsoa tokoa,
Zava-maminay
Fa nahitanay soa,
Ka derao àry
Sy ataovy an-kira hoe:
Ny Baiboly re
Dia zava-tsoa tokoa,

Fiangonana Kristiana Malagasy
eto Soisy sy ny Manodidina

Communauté Chrétienne Malgache
en Suisse et aux environs

http://www.fkmsm.ch
E-mail : comite@fkmsm.ch

Fanompoam-pivavahana Pentetosta
25 May 2015
Chapelle catholique
Champex-Lac

Fotoana manaraka (http://agenda.fkmsm.ch)

- Fotoam-pivavahana : 07 Juin 2015, 3 ora tolakandro
  Paroisse de la Servette, Avenue Wendt 55, 1203 Genève (GE)
- Concert 30ème anniversaire FKMSM: Rija Rasolondraibe et les Hoper's (Madagascar), 20 Juin 2015, 7 ora hariva, Centre d'Art et de Conventions de Genève, rue Voltaire 27, 1201 Genève (GE)
- Fotoam-pivavahana : 21 Juin 2015, 3 ora tolakandro
  Paroisse d'Ecublens, Place de Motty 1, 1024 Lausanne (VD)